

NIAMPITA NY RANOMASINA MENA
Lesona 6 hatao ny 9 Aogositra, 2025


“Ary hoy Mosesy tamin'ny olona: ‘Aza matahotra ianareo, mijanòna, fa ho hitanareo ny famonjen'i Jehovah, izay hataony ho anareo anio; fa ny Egyptiana, izay hitanareo anio, dia tsy ho hitanareo intsony mandrakizay. Jehovah hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina’ ”
Eksodosy 14:13, 14

Efa hatrany am-boalohany Andriamanitra no nampitandrina fa ny fanafahana ao Egypta dia hahafatesana — fara faharatsiny fandrahonana ho faty — ny lahimatoan'i Farao(Eksodosy 4:22-23).
Mba tsy hahafaty ny lahimatoany sy hitarihana azy hivoaka an'i Egypta, dia nasain'Andriamanitra naneho ny finoany amin'ny asa ny Isiraely: ny Paska. Ary izao, raha nitondra azy teo amin'ny lalana toa tsy misy fivoahana Izy, dia tonga ny fotoana hanaovana ny dingana faharoan'ny finoana: ny mandroso.
Rehefa tafita ny Ranomasina Mena ny Isiraely, afaka tamin'ny fanandevozana tany Egypta ihany, dia nihira fiderana ho an'ilay Mpanafaka azy izy.







- Ny fanafahana tao Egypta:
  - Mialà azafady! (Eksodosy 12:31-36)
  - Ny fanokanana ny voalohan-teraka (Eksodosy 13:1-16)
- Ny fiampitana ny Ranomasina Mena:
  - Voafandrika tany an'efitra (Eksodosy 13:17-14:12)
  - Lalana an-dranomasina (Eksodosy 14:13-31)
- Ny fankalazana:
  - Ny Tonon-kiran'i Mosesy (Eksodosy 15:1-21)

# NY FANAFAHANA TAO EGYPTA








# MIALÀ AZAFADY!

"Dia nandodona ny olona ny Egyptiana ka nampandeha azy faingana hiala tamin'ny tany, satria hoy izy: "Maty avokoa izahay rehetra!" (Eksodosy 12:33)

Lao i Egypta manontolo, "fa tsy nisy trano izay tsy nahafatesana" (Eks. 12:30). Tara loatra ny nanomezan'i Farao alalana ny Isiraely handeha.

Tamin'ilay teny hoe "fa mba tsofy rano aho" (Eks. 12:32), no nanehoan'i Farao ny fihetseham-pon'ny vahoakany rehetra, dia ny hoe: aoka tsy hisy hanjo anay intsony!

Tsy fanehoana fanenenana marina noho ny ratsy nataony izany, fa faniriana ny hampitsahatra ny faharavana.






Rehefa nitaky ny karama nandritry ny taona nanompoany ny Isiraely, dia "nomen'ny Egyptiana azy izay nangatahiny" (Eks. 12:36). Tamin'izany fomba izany, no nanaovan'Andriamanitra ho azo antoka ny fialan'ny lahimatoany any Egypta — amin'ny tanana feno mitafotafo.

# NY FANOKANANA NY VOALOHAN-TERAKA

"Hamasino ho Ahy ny lahimatoa rehetra, dia izay voalohan-teraka rehetra eo amin'ny Zanak'Isiraely, na olona na biby fiompy: Ahy ireny." (Eksodosy 13:2)

**Ahoana no nanokanana ny voalohan-teraka?**

Tamin'ny fahafatesana no nanokanana azy ireo. Tsy maintsy maty ny lahimatoa rehetra. Nisy fanavotana natao hisolo ny lahimatoa anefa, mba ho zavamanan'aina hafa no ho faty eo amin'ny toerany.



Mariho izao fifandraisana izao: lahimatoan'Andriamanitra ny Isiraely (Eks. 4:22); ny Fiangonana ankehitriny no Isiraely ara-panahy (Gal. 6:16); noho izany dia tsy maintsy maty isika rehetra mba hatokana ho an' Andriamanitra; saingy misy Olona iray maty nisolo toerana antsika.





Jesosy, "ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra" (Jaona 1:29), dia maty mba tsy ho faty izay rehetra manisy ny rany eo am-baravaran'ny fony, fa hanana FIAINANA MANDRAKIZAY.

Efa vitan'Andriamanitra ny anjarany. Anjarantsika ny mamela ny tenantsika ho rakotry ny rany manavotra.

# NY FIAMPITANA NY RANOMASINA MENA




# VOAFANDRIKA TANY AN'EFITRA

"Ary Farao hilaza ny Zanak'Isiraely hoe: 'Azon'ny tamberintany izy ka voahidin'ny efitra." (Eksodosy 14:3)

Rehefa nalefan'i Farao ny Isiraely, dia nivoaka "voaomana hiady" (Eks. 13:18). Tsy tian'Andriamanitra hiatrika ady anefa izy, ka notarihiny niodidina (Eks. 13:17).
Nandritra izany fotoana izany dia nanenina tamin'ny fibebahany Farao ka nivoaka nanenjika ny Isiraely (Eks. 14:5). Voafandrika tany an'efitra anefa ny Isiraely, ka tsy nisy nahafahana nandositra (Eks. 14:2-3, 9).






Ho fanehoana ny finoany, dia nentiny niaraka taminy ny taolan'i Josefa (Eks. 13:19). Ary koa, nitarika azy tamin'ny fomba mahagaga Andriamanitra (Eks. 13:21).



"Mahatsiarovà ny asa mahagaga izay nataony" (1 Tant. 16:12)

Saingy, rehefa nahita ny miaramilan'i Farao izy, dia nangozohozo ny finoany (Eks. 14:10-12). Toa mora foana ho azy ireo ny nanadino ny fahagagana niainany! Mety hitranga amintsika koa ve izany?




# LALANA AN-DRANOMASINA



Fa namaly azy i Mosesy hoe: "Aza matahotra ianareo! Mahandrasà, fa ho hitanareo anio ny famonjena ataon'ny Tompo aminareo! Satria ny Egyptiana izay hitanareo androany, dia tsy ho hitanareo intsony na oviana na oviana. Ny Tompo no hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina fotsiny." (Eksodosy 14:13-14)

**Nampahery ny olona hatoky an'Andriamanitra i Mosesy, manoloana ny tsy finoan'izy ireo (Eks. 14:13-**

| | |
|---|---|
| **"Aza matahotra"** | Ny dingana voalohany hahazoana fandresena dia ny fitokiana amin'Andriamanitra |
| **"Mahandrasà"** | Tsy maintsy mahandry am-paharetana eo amin'izay misy antsika isika, nefa tsy mimonomonona. |
| **"Jereo ny famonjena"** | Azo antoka ny fandresena, raha avelantsika hitarika antsika Andriamanitra. |
| **"Jehovah hiady ho anareo"** | Miady ho antsika amin'i Satana sy ny fahotana Andriamanitra. Kalvary no porofo faratampon'izany. |



# LALANA AN-DRANOMASINA

**Baiko tokana no nomen'Andriamanitra ny olona: “mandrosoa” (Eksodosy 14:15).**
**Nanomboka teo, dia niseho ny tsy nampoizina (Eksodosy 14:19-31):**



Nijanona teo anelanelan'ny tobin'ny Isiraely sy ny tobin'ny Egyptiana Ilay Anjelin'Andriamanitra sy ny andri-rahona



Tamin’iny alina iny dia haizina ho an’ny Egyptiana ny andri-rahona, nefa fahazavana ho an’ny Isiraelita



Nahinjitr’i Mosesy ny tehiny ka nisaraka ny ranomasina mba hahafahan’ny Isiraely nandeha tamin’ny tany



Niditra tao amin’ny ranomasina ny Isiraely, ka ny rano no fefy teo ankavanany sy ankaviany



Niditra tao anaty ranomasina koa ny Egyptiana



Nony maraina ny andro, dia naparitahan'Andriam anitra ny Egyptiana



Rehefa niezaka niverin-dalana izy ireo, dia niverina tamin’ny làlany indray ny ranomasina, nandringana ny miaramila rehetra.



Avy teo amoron'ny ranomasina no nahitan’ny Isiraely ny fandresena, dia nino an’Andriamanitra sy i Mosesy izy

# NY FANKALAZANA





# NY TONON-KIRAN'I MOSESY



"Ary mihira ny fihiran'i Mosesy, mpanompon'Andriamanitra, sy ny fihiran'ny Zanak'ondry izy manao hoe: "Lehibe sy mahatalanjona ny asanao, Tompo Ô, Andriamanitra Tsitoha; mahitsy sy marina ny lalanao, ry Mpanjaka mandrakizay"
(Apokalypsy 15:3)

**Rehefa nahita izay nitranga i Mosesy, dia nitarika ny Isiraely tamin'ny hira fiderana, ary namaly izany kosa i Miriama, niaraka tamin'ny vehivavy (Eks. 15:1, 20-21).**

**Tsy misy filazana ny amin'izay nataon'ny Isiraely ao amin'io hira io. Tsy vitan'ny hoe midera an'Andriamanitra noho ny nandringanany ny fahavalo io hira io (Eks. 15:6), fa mankalaza ny asany ihany koa (Eks. 15:11). Ambara eo ny fihetsik'ireo izay handre izay nitranga (Eks. 15:14).**





**Ary koa, izay mbola hataon'Andriamanitra dia voalaza sahady: "Dia hampiditra azy Hianao ka hamponina azy ao amin'ny tendrombohitra lovanao" (Eks. 15:17).**

**Rehefa haharihary ny fitsarana ataon'Andriamanitra, ka fongana tanteraka ny faharatsiana sy ny fampahoriana, dia hidera Azy noho izany fitsarana marina izany ny voavotra avy amin'ny firenena rehetra, ka hihira ny hiran'i Mosesy sy ny Zanak'ondry. (Apok. 15:3).**

**“Tamin’ny nanafahana ny fanahintsika tamin’ny fanandevozan’ny ota, no nanaovan'Andriamanitra fanafahana lehibe kokoa ho antsika, noho ny an’ny Hebreo teo amin’ny Ranomasina Mena. Toy ireo miaramila Hebreo, dia tokony hidera an’i Jehovah amin’ny fo sy ny fanahy ary ny feo isika noho ny “asa mahagaga nataony ho an’ny zanak’olombelona”. Ireo izay mitoetra ao amin’ny famindram-pon’Andriamanitra lehibe, ary tsy manadino ny fanomezany kely indrindra, dia hitafy ny fehin-kibom-pifaliana ka hihira ao am-pony ho an’ny Tompo. Ny fitahiana raisintsika avy amin’ny tanan’Andriamanitra isan’andro, ary ambonin’izany rehetra izany ny fahafatesan’i Jesosy izay mitondra fahasambarana sy ny lanitra ho azontsika takarina, no tokony ho lohahevitry ny fankasitrahana tsy tapaka.”**

**EGW (Conflict and Courage, 28 Martsa)**